



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPITAM-BAOVAO

Fihaonan'ny Filoham-pirenena tamin'ny delegasiona alemana

Noraisin'ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina androany 02 desambra 2021 teny amin'ny lapam-panjakana Iavoloha ny delegasiona alemana notarihin'Andriamatoa Stefan Oswald, Sekreteram-panjakana misahana an'i Afrika eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiaraha-miasa Ara-toekarena sy ny Fampanandrosoana (BMZ).

Nodinihina nandritra izany fihaonana izany ireo teboka misongadina eo amin'ny fifandraisan'ny firenena roa tonta sy ny fandrosoan'ireo tetikasa eo amin'ny lafiny ara-toekarena sy sosialy.

Efa nahitam-bokatra maro azo tsapain-tanana teo amin'ny andavanandron'ny vahoaka Malagasy ny fiaraha-miasa teo amin'ny Alemana sy Madagasikara, indrindra teny anivon'ireo faritra nanatanterahina ireo tetikasa. Raha ho an'ny Atsimon'i Madagasikara ohatra, olona maherin'ny 6000 no nahazo fanofanana sy fanohanana manokana avy amin'ny GIZ teo amin'ny sehatry ny fambolena mba hanatsarana ny fahafahan'ny fiaraha-monina miharina sy mahaleo-tena.

Ny Filoha Andry Rajoelina kosa dia nampiseho ny fahavononan'i Madagasikara hanamafy ny fifandraisan'ny firenena roa tonta, indrindra eo amin'ireo sehatra hananan'ny firenena Alemana fahaiza-manao sy traikefa toy ny fiarovana ny tontolo iainana amin'ny alalan'ny fandrakofana ala, ny fisorohana ireo loza mety hahalany tamingana ny ala toy ny tavy sy ny doro tanety. Ao ihany koa ny fampiroboroana ny fampiasana herinaratra amin'ny alalan'ny angovo madio indrindra ny fampiasana ny angovo azo avy amin'ny masoandro eny amin'ny tontolo ambanivohitra ary ny fampivoarana ny sehatry ny indostria.

Nanterin'ity Sekreteram-panjakana Alemana fa resy lahatra amin'ny vinam-pampanandrosoana an'i Madagasikara ny tenany ary vonona arak'izany ny Repoblika Federalin'ny Alemana hanohana an'i Madagasikara amin'ny fanatanterahana ny "Plan Emergence Madagascar". Nankasitran'ity sekreteram-panjakana ity ihany koa ny finiavana manokana sy ny haitariky ny Filoham-pirenena Andry RAJOELINA amin'ny ady amin'ny kere, ny politika fandrakofana ala an'i Madagasikara ary ny fampanandrosoana ny fampiasana ny angovo azo havaozina ary ny fampiroboroana ny fampiasana angovo azo havaozina.

Ny sampan-draharahan'ny Serasera sy ny Fifandraisana

02-12-2021